

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
ipadmarcramaroson@gmail.com



**Ho antsika EOV Jiaby
Pretra, Voatokana, Lahika
Tsy isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra miarak'amintsika**

**"Eglisy ôlo, Velomin'ny Batemy, Miombona, Miara-dàlana, Mandray an-tànana, Irahina
ho Tabernakla velona "**

**FIJANONA FAHAROA SINAODY FAHA-7 hatao eto Antsiranana (St Augustin),
1er- 8 Octobre 2023**

SINAODY MIARA-DALANA

Matetika aho mivolagna amintsika tsy « misy kisendrasendra fa ataon'Andriamanitra izao rehetra izao hanehoan'Andriamanitra ny fitiavany ho an'izay tiany... »
Tian'Andriamanitra ny diosezintsika ka MIARA-DALANA AMIN'NY SINAODY Faha-16 ERANTANY ANY ROMA ny fankalazan'ny Sinaody faha 7 ataontsika. Isaorana Andriamanitra Manantena ny Eglisy eran-tany ny Mpandrindra sy Mpanomana ny Sinaody any Roma hanao vavaka manokana ho an'ny Sinaody ka indro atolotra antsika NY RANOMBAVAKA ATAONTSIKA NY AMIN'NY ALAHAFADY FAHA 24 SY FAHA-25 amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny malagasy. Manasa antsika handray hanao io RANOMBAVAKA io sady hivavahantsika manokana ihany koa ho an'ny Sinaody faha 7 ataontsika satria ny vavaky ny Sinaody no mamarana ny Ranombavaka.

RANOMBAVAKA AMIN'NY ALAHADY FAHA XXV SY FAHA XXVI AMIN'NY EOKARISTIA

Amin'ny Alahady faha 25 sy faha 26 mandavan-taona mialoha ny fankalazantsika ny Sinaody faha-7 sady fanokafana ny Sinaody Erantany faha-16 any Roma indro atolotra ny soso-kevitra amin'ny ranombavaka

Ho an'ny Eglisy, amin'izao mialoha ny dingana vaovao eny amin'ny dian'ny Sinaody izao dia enga anie ny Evanjely hamelona hatrany ny Eglisy hiasa avy any anatiny ka hahatonga azy ho tahaka ny tanimboaloboka, ho ambohimpihaonan'ny olon-drehetra mikatsaka ny lalam-piaianana ka samy hahita ny toerana sy ho feno fanantenana. Aoka isika hivavaka:

Ho an'ireo eveka sy mpandray anjara amin'ny Sinaody, mba samy ho vonona hihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina anie izy ireo ka ho vonona hanolotra tolo-kevitra hanampy ny Fianakaviam-ben'Andriamanitra hiroso amin'ny fiombonana velona hahafahan'ny rehetra

mandray an-tanana amin'ny fiainan'ny Eglisy, ho zary vavolombelona maneho hatrany ny maha vaovao ny Evanjely eo anivon'izao tontolo izao, mivavahà isika

Ho an'ireo Teolojianina Mpikaroka, enga anie ho feno fahendrena sy hotsilovin'ny Fanahy Masina izy ireo ka ho afaka hanampy amin'ny asa atao rehetra amin'izao Sinaody izao hahatonga ny finoana ho aina mamelona ny fianakaviamben'Andriamanitra. Mivavahà isika

Ho an'ireo tanora, mpikatsaka ny fahamarinana sy ny fijoroana ho vavolombelon'ny fahamarinan-toetra sy ny ara-panahy, enga anie noho izao fiarahan-dia amin'izao Sinaody izao hampahatsiaro azy ireo fa ho tafiditra bebe kokoa amin'ny fiainana sy ny asa nanirahana ny Eglisy izy ireo eo anivon'ny fanambin'izao tontolo izao ankehitriny izay tsy hita isa ao anatin'y amin'ny hafanam-pon'ny fahatanorany feno fanantenana vokatry ny fihaonana marina amin'i Jesoa, mivavahà isika.

Ho antsika, tafavory eto, miara-miaina sy miara-miombon'antoka eo anivon'ny fiarahamonna kristianina maneran-tany isika, koa rehefa miara-manandrana ny hatsaram-pon'ny Tompo izay tonga amin'ny tsirairay amin'ny alalan'ny vatana sy ran'i Jesoa dia hanana fijery vaovao avy Aminy manoloana ireo manodidina antsika anie isika ka zary vavolombelon'ny fahasoavana eto amin'izao tontolo izao izay iainantsika ity. Mivavahà isika

PRIÈRE UNIVERSELLE – INTERCESSIONS POUR L'EUCARISTIE DU DIMANCHE

Pour les Dimanches XXV et XXVI du Temps ordinaire - A, qui précèdent l'ouverture de l'Assemblée synodale, nous proposons quelques intentions de prière universelle :

Pour l'Église, à la veille d'une nouvelle étape du cheminement synodal, afin que la présence de l'Évangile, vivant et à l'œuvre en elle, fasse d'elle, comme la vigne de la parabole, un lieu vital où tous les hommes et toutes les femmes qui attendent de trouver un sens à leur vie, puissent trouver place, parole, un souffle d'espoir, prions :

Pour les évêques et tous les participants à l'Assemblée synodale, afin que de l'écoute de l'Esprit Saint jaillissent des propositions qui permettent au Peuple de Dieu tout entier, dans une dynamique de communion, de sentir une réelle participation à la vie de l'Église et d'être un témoignage vivant et attrayant de la nouveauté de l'Évangile dans le monde, nous prions :

Pour les théologiens : qu'un don de sagesse et de révélation accompagne leur contribution aux travaux du Synode, afin que le don de la foi devienne vie dans tout le Peuple de Dieu, nous prions :

Pour les jeunes, chercheurs de vérité et de témoignage, de concret et de spiritualité, afin que, grâce au cheminement synodal, ils se sentent toujours plus impliqués dans la vie et la mission de l'Église au milieu des défis du monde d'aujourd'hui, donnant à beaucoup, avec l'enthousiasme de leur âge, l'espérance qui jaillit de la rencontre avec Jésus, nous prions :

Pour nous, ici rassemblés, en communion avec les communautés chrétiennes du monde entier : alors que nous goûtons à la bonté du Seigneur qui vient à chacun dans le corps et le sang de Jésus, nous puissions recevoir de Lui un nouveau regard sur notre prochain et devenir des témoins de la gratuité dans le monde où nous vivons, prions :

Fndaharam-potoana ankapobeny

- 1^{er} Oktobra Fahatongavan'ny pretra rehetra eto Antsiranana
- 2 – 3 Oktobra : Fivoran'ny pretra
- 3 Oktobra : Fahatongvan'ny lahika
- 4 – 5 – 6 – 7 Oktobra: Dinika sy fifanakalozan-kevitra (asam-baomiera)
- 8 Oktobra: Fankalazana sy Famaranana ary Fanirahana

Fanamarihana

- ✓ ***Tsy maintsy ifampizarana mialoha ny hafatra voalaza ao amin'ny Encyclique "Laudato Si" manoloana fanajana ny tontolo iainana, sy ireo fanontaniana ao anatin'ny taratasy fiantsoana nalefa ny 08 Septembre 2023.***
- ✓ Raha azo atao, ireny olona efa niatrika ny tany Vohemaro no alefa isaky ny Eglisy Iraka.
- ✓ Misy ihany koa ny religiozy lehilahy sy vehivavy
- ✓ Toerana : Grand séminaire Saint Paul VI Scama Antsiranana
- ✓ Saran-dasy : Vola 20 000Ar isan'olona
 Vary : 8 kapoaka isan'olona
- ✓ ***Aza adino ihany koa ny vidin'ny boky katesizy any aminareo izay mbola tsy voaloa (NON PAYER). Ampiomanina miaraka amin'izany ihany koa ny vidin'ny boky katesizy taona faha telo izay efa tonga.***

+ Mpanomponareo Ramaroson Marc Benjamin, cm
Anio 19 Septambra fetin'i Notre Dame de la Salette


+ Mgr. RAMAROSON Benjamin Marc, C.M.

